


Mifaly amin'Andriamanitra

Sakaizan'i Kristy aho.



Manambara ny Tenin'Andriamanitra Dries Du Plessis Dries Du Plessis

Teo am-piandohan’ny tantaran’ny olombelona, rehefa nifandray nivantana tamin’Andriamanitra ny olona, dia tena tsotra ny fifandraisan’izy ireo. Tsy dia nisy fombafomba ara-pivavahana sy fitaovana. “Niara-nandeha tamin’Andriamanitra” fotsiny i Enoka (jereo ny Genesisy 5 :22, 24). Rehefa manohy mamaky ny Baiboly isika, dia mihaona amin’i Abrahama, ilay rain’ny finoana, izay mitondra ny anarana mendri-kaja indrindra, dia ny “sakaizan’Andriamanitra” (Jakoba 2:23). Izy sy Andriamanitra dia nankafy tsotr’izao ny fiarahana.

Indraindray aho dia maniry ny hiala amin'ny teolojia sy ny fombafomba ara-pivavahana rehetra ary hanana fifandraisana amin'ny maha-sakaizan'Andriamanitra ahy fotsiny—mandeha miaraka Aminy sy mankafy ny Fiarahany. Tena mino aho fa tian'Andriamanitra ny fankafizan’ny Olony.

Indraindray, isika dia sahiran-tsaina loatra amin'ny fomba fanao sy ny teolojia ary ny foto-pampianarana ka tsy mahita an'Andriamanitra ao anatin'izany rehetra izany. Lasa eo afovoan'ny ala isika, ka ny hazo ihany no hany mba hitantsika. Tsy hitantsika intsony ny sary manontolo. Avy eo, tsy maintsy miala ny ala isika, mijery ny manodidina, ary mieritreritra ny hanitsy ny laharam-pahamehantsika.

Misaotra Anao, Jesosy ô, fa nanavotra ahy Ianao. Manambara ny faniriako hiara-mandeha amin’Andriamanitra sy hankafy ny Fiarahany aho, satria sakaizan’i Kristy aho, amin’ny anaran’i Jesosy Kristy, Amena.

© 2008 - Dries Du Plessis

Fivoriana fampaherezam-panahy ★

Fandikana: WD-B097-172-MLG

Nohavaozina farany: 13 Oct 2026

Tranokala: Derekprince.com/mg/resources



© 2008 - Dries Du Plessis